REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# FITANANA AN-TSORATRA

## MIKASIKA NY RAHARAHAN'NY ONIVERSITE MAHAJANGA

**********************

Mba hiverenan'ny fitoniana sy ny filaminana ao amin'ny Oniversite sy eto amin'ny tananan'i Mahajanga, dia noraisina ireto fanapahan-kevitra manaraka ireto :

1- Rehefa nifampidinika tamin'ny mpitandro ny filaminana sy ny Fitsarana dia nanapan-kevitra ny Fampanoavana teto Mahajanga ny amin'ny famotsorana ireo mpianatra roa ambin'ny folo (12) izay voatazona tao amin'ny Vondrotobim-pileovan'ny Zandarimariam-pirenena eto Boeny ;
2- Satria anisan'ny nahatonga izao toe-draharaha izao ny fandroahana ireo mpianatra efatra ambin'ny folo (14) tao amin'ny Oniversiten'ny Mahajanga, dia nanapa-kevitra ny Ministera fa haverina hianatra indray ireo mpianatra efatra ambin'ny folo (14) voakasik'izany ;
3- Mba hahafahana mamerina haingana amin'ny laoniny indray ny fiainan'ny Oniversite eto Mahajanga dia haato mandritra ny iray volana ny fampianarana ao an-toerana. Ampahafantaran'ny Ministera amin'ny fotoana mahamety azy ny daty hiverenana'ny fampianarana.
4- Ho fanamafisana an'izany famerenana amin'ny laoniny ny toe-draharaha eo anivo'ny Oniversite izany dia tapaka fa haato amin'ny asany ihany koa ny Filohan'ny Oniversiten'ny Mahajanga;
5- Marihina anefa fa ny Filan-kevitry ny Ministra irery ihany no afaka mandray fanapahan-kevitra farany momba an'izany Filohan'ny Oniversiten'ny Mahajanga izany;
6- Mandritra ny fotoana iatoan'ny fampianarana ao amin'ny Oniversiten'ny Mahajanga dia ireo Filoha lefitra anankiroa no miandraikitra ny fampandehanan-draharaha andavanandro;
7- Tianay hosoritana eto koa fa ny fiaimpianan'ny Oniversite eto Mahajanga ihany no voakasik'ireo fepetra noraisina ireo fa tsy mahakasika kosa ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga sy isan-tsokajiny ao amin'ny Faritra Boeny sy ao amin'ny Faritany Mahajanga;
8- Hisy ihany koa ny fanokafana famotorana mikasika ireo olona na vondron'olona sivily ivelan'ny Oniversiten'ny Mahajanga izay mety ho nahatonga izao savorovoro sy korontana izao;
9- Hamafisana etoana ny tsy tokony hisian'ny fifampihatsiana sy ny fampiasana hery eo anivon'ny Oniversiten'ny Mahajanga.

Natao teto Mahajanga ny faha 12 Janoary 2014

RAZAFINDEHIBE Amette Etienne Hilaire
*Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa*

RAHAJASON Harry Laurent
*Minisitry ny Serasera*

MANORIKY Sylvain
*Minisitry ny Jono sy ny Harena anty Rano*

SAID Ahamad Jaffar
*Lehiben'ny Faritra BOENY*

RASAMOELINA Andriariliva Doris
*Lehiben'ny Distrika MAHAJANGA I*